

# Famindram-po: Ny nitsanganan'i Theo Nez tamin'ny maty.



http://www.divinerevelations.info/MALAGASY

Lehibe tao Navajo i Theo Nez, tanàna iray tsy lavitra ny zorotany efatr'I Nation Etats Unis.Mbola mipetraka any amin'io toerana io izy amin'izao fotoyna izao.

Tamin'ny 1995, nividy boky iray nosoratan'I Mary Baxter mitondra ny lohan-teny hoe «Une Révélation Divine De l'Enfer» (fanambarana avy any an-danitra momba ny helo). nieritreritra izy fa mbola manana telopolo taona hivelomana sady manana fotoyna betsaka hifanarahana amin'ANDRIAMANITRA.nangataka andro lava izy ,nefa enim-bolana taty aoriana dia maty tao an-tranony nohony fisotroana toyka be loatra.Noraisin'I Jesosy Kristy tamin'ny tanany I Theo ary nentiny tany amin'ny lavaky ny Helo.Nandritry ny adiny roa , niangavy mafy an'i Jesosy Kristy izy mba tsy handefa azy any...Fa tsy afaka nnanao na inona na inona ny Tompo mandra-pahenoany ny vadiny, mpino iray, nivavaka ho azy...Avy eo nolazain'ny Tompo izy fa hamaly ny vavaka nataon'ny vadiny izy satria nanatanteraka izay lazain'ny Tompo tsy misy fandavana izy...Nentin'I Jesosy tany an-danitra izy ka mandritran'ny adiny roa.Nasehon'ny Tompo ireo zavatra hitranga, nanafatra izy fa tokony holazaina amin'ny olona rehetra fa miaina amin'ny andro farany isika efa an-dalana ny Tompo.

Toy izao ny hafany: *"Tsy afaka manompo Tompo roa isika".*

Manahoana ry rahalahy sy rahavavy.Theo Nez ny anarako ary mipetraka ao Farmington New Mexico.Anio dia te-hizara aminareo ny fahitana nasehon'ny Tompo ahy aminareo aho, momban'ny zavatra tsara, ny fahagagana nataon'ny Tompo ho ahy sy ny fianakaviako.Ny nitondrany famonjena lehibe tao an-tranonay.

Tamin'ny 1995, tsy nahay nifandray aman'olona aho.Nisotro sady nidoroka zava maha-domelina, tsy niraharaha na inona na inona.Indray andro, diso fatra ny zavatra nofohiko ka nijanona tampoka ny foko.Efa maty nandritry ny adiny efatra aho.

Izao zavatra hotantaraiko anareo izao dia hampieritreritra lalina anareo momban'ny fahavelomana sy ny fahafatesana.Rehefa nijanona ny foko, nangina avokoa izao tontolo izao ary aizina tanteraka no nameno ahy.Nahita demony telo aho nivoaka ny foko, nivoaka avy eo amin'ny varavarankely sady nikàkakàka nihomehy.

Rehefa nivoaka ny vatako aho, nitodika ka nahita an'I Jesosy nitsangana tao aoriako.Ny volony fotsy mangirana; nanao fitafiana fotsy sy fehikibo volamena izy.Nanao kapa volamena, nandeha izy sady niteny moramora.Voahodidina hazavana izy, ary ny fanahiko efa nahafantatra azy.

Nanatona azy tany aho ka nanontany: *"Jesosy, taiza ianao? Nitady anao aho"*.Namaly tamin'ny feo malefaka Izy sady nilaza: ***"Tsy nandao anao mihitsy aho hatrizay, teo anilanao lalandava.Niandry anao hibebaka sy hanao ny sitrapon'ny Ray".***

Tsy fantatrareo, fa nantsoina hitory ny filazantsara aho fotona vitsivitsy lasa izay.Nilaza tamin'ny Tompo hoe ***"hitory aho"*** nefa tsy nataoko izany fa nandositra aho.Nolazaiko fa tsy afaka hanao izany aho satria mbola tanora loatra. Rehefa miantso anao ny Tompo ka miditra amin'ny fiainanao, TSY MANANA safidy hafa ankoatran'ny fanekena Azy ianao.

Nilaza tamin'i Jesosy aho fa mino ary mbola manana telopolo taona hiainana.Niteny tamiko izy: "***Avia, misy zavatra maro haseho anao***".Noraisiny tamin'ny tanako aho ary nidina tamin'ny lalana iray izahay.Maizina ny làlana ary Jesosy fahazavana no jiro nanazava. Teo noho eo dia nahita demony nanodidina anay.Nanandrana ny handray ahy izy ireo, kanefa nifikitra tamin'ny tanan'I Jesosy toy zazakely aho.

Izy irery no fiarovako, avy eo, nanomboka niresaka tamiko Izy.Nilaza izy hoe: "***Fantaro fa tezitra aminao ny*** Ray".Izany dia noho ny fanalavirako ny fiangonana sy fitsoahako toa an' i Jona.Milaza ny Baiboly fa voatendry hitory i Jona, nefa nandositra lavitra an'ANDRIAMANITRA.Nanao toy izany koa aho nandritry ny taona maro.

Tapitra ny fotoana izao.Fantatro tsara fa maty tao anatin'ny fahotako aho, ary efa tara.

Mandritran'ny fotoana nandehananay, nilaza zavatra maro tamiko I **Jesosy** ary nametrahako fanontaniana maro ihany koa.Nijanona tany amin'ny toerana iray izahay, ka niteny tamiko I **Jesosy** hoe: "***Jereo ny any aloha***".Nahita toy ny hazavana avy lavitra aho.Nilaza I Jesosy "***Ahoana no fahitanao azy?***"
Namaly aho hoe: "*Tompo, mitovy amin'ny Helo ity, mety ny afon'ny Helo angamba*".

Mazava ho azy, arakarakin'ny fanatonanay dia tonga teo amin'ny sisin'ilay hady izay.Ny elanelan'ilay hady dia teo ho eo amin'ny telo kilaometatra ny halaliny ary efatra kilaometatra ny andaniny.Any amin'ny farany mahatazana ny lelafo, miloko volomboasary avokoa.Nanomboka nangovitra aho, natahotra mafy.Fantatro fa tsy maintsy hiafara ao amin'io hady io aho.

Nampijery ahy tany amin'ny farany I Jesosy.Tsy afaka nijery akory aho, nanomboka nitomany aho ary nihazakazaka tao aorian'I Jesosy.Nanomboka nibebaka aho sady niangavy mafy an'ny Tompo mba hamela ny heloko: «Hitory amin'izay aho Tompo, mba amindrao fo farany».Nitomany toy ireny zazakely ireny aho.

Nanohy hatreo amin'ny faran'ilay hady izahay.Nahita zavatra maro tsy hay faritana amin'ny teny aho.Feno fanahin'olona ilay toerana, feno devoly ny manodidina.

Milaza ny Baiboly ao amin'ny Isaia 5:14 "Koa izany no mampitanatana vava ny fiainan-tsi-hita, hanao teli-moka an'i Jerosalema; ary any no hivarinan'ny voninahiny sy ny fihahohahony; ary ny tabatabany mbamin'izay mifalifaly ao aminy".
Ireo fanahy nampahoriana tao amin'ny afon'ny Helo.Feno tabataba sy



tomany n’aiza n’aiza.Tsy nisy fanantenana intsony; tsy misy fanantenana ho an’ireo fanahy very any.Fa nahoana?
Satria nanalavitra an’I Jesosy Kristy.Ny sasany nanjeny andro lava.Betsaka ny nanalavitra ny fiangonana sady nitsoaka an’andriamanitra.Ny fanalavirana an’Andriamanitra dia mitondra anao any amin’ny Helo.Rehefa tonga any, tsy afaka mivoaka intsiny ny olona.

Azafady, mba atsangano ny tananao ka lazao ny Tompo fa: “*Aza avelanao ho azon’ny zavatra toy izany aho*”

Nanohy ny dia izahay ka nahita lavaka an-jatony sy an’arivony.Nitomany aho tamin’io sady nitabataba mandra-pahatongavanay teo amin’ny lavaka iray izay foana.Nisy afo nivoaka ilay lavaka.Nilaza tamiko I Jesosy fa “Ity no lavaka nataon’ny devoly ho anao”.Nanomboka nikiakiaka aho.Niantso mafy aho “Tompo tsy te-handeha ho any aho”.Nitomany aho, niaiky ny fahotako ary niangavy mafy an’I Jesosy mba hamindra fo amiko indray.Nitabataba toy ny nataon’ny Jona teo afovoan’ny Helo aho.

Vakiana ao amin’ny Lioka toko faha 16 ny tantaran’ilay Rangahy mpanakarena sy Lazarosy.

> “Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan'ny vavahadiny; ary naniry mba hihinana izay latsaka avy tamin'ny latabatr'ilay manan-karena izy, fa ny alika kosa no avyka nilelaka ny feriny. Ary maty ilay malahelo, dia nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama; ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina; ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsi-hitaizy ka niandrandra, dia nahita an'i Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratrany. Ary izy niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny rantsan-tanany amin'ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho eto anatin'ity lelafo ity.”
>
> “Fa hoy Abrahama: Anaka, tsarovy fa hianao efa nahazo ny zava-tsoanao tamin'ny andro niainanao, ary Lazarosy kosa ny zava-dratsy; fa ankehitriny izy no ampifalina aty, ary hianao kosa no fadiranovana. Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makadiry ajadona ao anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita hankeny aminareo izay te-hiala ety, ary tsy ho afa-mita hankety aminay izay eny.Dia hoy izy: Mangataka aminao ary aho, ry raiko: mba iraho Lazarosy hankany amin'ny tranon'ny raiko (fa manana rahalahy dimy aho), mba hilaza tsara aminy, fandrao mba ho tonga aty amin'ity fijaliana ity koa izy. Fa hoy Abrahama taminy: Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy; aoka hihaino ireo izy. Fa hoy kosa izy: Tsia, ry Abrahama, raiko; fa raha misy miala amin'ny maty hankany aminy, dia hibebaka izy. Fa hoy Abrahama taminy: Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ny mpaminany izy, dia tsy hety hino izy, na dia misy mitsangana amin'ny maty aza”.

Ry vahoaka, azafady mba mihenoa, ity dia zava-misy marina, ataovy izay azonao atao mba haha-ara-dalàna ny fifandraisanao amin’Andriamanitra.Rehefa nivoaka ilay toerana dia nihaonena teo amin’ny toerana mitokana izahay.Nilaza I Jesosy hoe: “Henoy!”

Ka nanomboka nandre vehivavy aho, afaka nandre ny fomba nivavahany mazava sy mafy tsara aho, nivavaka izy hoe: "*Tompo, avereno izy! Mba omeo famelan-keloka indray.Tompo, manana zanaka lahy roa ho velomina izy.Izy irery no hareko.Aza esorina amiko re izy e!*"
Mino ve ianareo fa ny vavaka anatin'ny finoana afaka mamindra na inona na inona? Milaza ny Baiboly fa izay rehetra irianao rehefa mivavaka ianao, ataovy ho toy ny efa azonao izany, ka ho azonao.

Nanohy nivavaka ilay vehivavy.Nanontany ahy Jesosy: "***Fa inona izao hoy ianao***?"
Namaly Azy aho hoe: "*Tompo, vadiko io*".Niteny aho: "*Tompo, henonao ve izany, manana zanaka lahy roa aho ho velomina*".Nokasihiko ny sorok'i jesosy, "*Tsy afakan'ny ho faty izao aho, mila ahy ny fianakaviako*".Nanomboka nandroso antony maro aho kanefa tsy nisy valiny mihitsy.Nanomboka nitomany indray aho.

Nanohy ny vavaka nataony ny vadiko.Ela tokoa ny fiandrasana ary toy ny ora maro , namaly ihany Andriamanitra tamin'ny farany, niteny Izy ka ny feony dia toy ny feon'ny ranobe.Nilaza Izy: "***Ry zanako, hanome anao famelan-keloka indray Aho noho ny vavaka sy ny finoan'ny vadinao, hamela anao Aho.Rehefa halefako ianao, hampiasaiko aho***."

Nanomboka naniry zavatra maro aho, ka niteny hoe: "*Tompo, hitory ny filanzantsara aho.Hataoko izay tianao.Holazaiko amin'ny olona ity toerana ity, hanampy Anao hanavotra fanahin'olona maro aho".*


Avy eo tonga tany amin'ny trano iray nisy "ecran" lehibe toa fahitalavitra.Hitako teo ny lasako, ny ankehitriko ary ny ho aviko.Afaka nahita ny fiainako tamin'ny mbola kely ka hatramin'ny fiainako rehefa lehibe aho.Nomen'I Jesosy fanambarana, fahitana aho.Naneho ireo zavatra rehetra tokony hitranga Izy.Nilaza Izy fa efa miaina amin'ny andro farany isika: "***Modia ka teneno ny olona.Lazao izy ireo mba hiaina tsara sy hibebaka.Lazao izy ireo fa tsy tokony hilalao Ahy intsony ary hitandrina ny didiko***"

Nasehony ahy ny fiafenan'ireo olona ao aorian'ny Baiboly mba hanafenana ireo zavatra ataony sy hiainany ny fahotany.Afaka mahita ny zava-drehetra ny Tompo.Milaza Izy fa mankatoa Azy amin'ny vava fotsiny ny olona, fa ny fony manalavitra.Oh, tian'izy ireo ny mampianatra ny leson'ny olona, nefa tsy tanterahin'izy ireo ny didin'Andriamanitra.

Nilaza izy: "***Aza matahotra, Izaho no Alpha sy Omega, ny fanombohana sy fiafarana, izay henonao dia marina***".Nilaza koa izy: "***Izay manana sofina aoka haheno izay lazain'ny fanahy amin'ny fiangonana***".
Nanome ahy andinin-tsoratra masina telo Izy, ireo fampitandremana.Ny andininy voalohany dia ao amin'ny Deotornomia 6:15 : "Fa Andriamanitra saropiaro eo aminao Jehovah Adriamanitrao, fandrao hirehitra aminao ny fahatezeran'I Jehovah Andriamanitrao, ka ho fogorany tsy ho eo ambony tany hianao."

Ny andininy faharoa hita ao amin'ny Lioka 16:13
"Tsy misy mpanompo mahay manompo Tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anakiray ho tiany, na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny.Tsy mahay manompo an'andriamanitra, sy mamôna hianareo."

Apokalypsy 3:3: "Dia tsarovy ny amin'ny nandraisanao sy ny nandrenesanao, ary tano mafy, ka mibebaha.Koa raha tsy hiambina hianao, dia ho tonga toy ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hihaviako aminao".



Ry rahalahy sy ranabavy ao amin'ny Tompo, tsy fantatsika ny fotoana handaozantsika ity tany ity, tsy fantatsika



hoe hanao ahoana ny ampitso, noho izany
mangataka aminareo ny hifandray
amin'Andriamanitra aho dieny mbola afaka
manao izany ianareo.
Avy eo nentin'I Jesosy tany an-danitra aho
ka nandalo varavarana sy làlana volamena.
Nahita olona maro avy amin'ny firenena rehetra aho,
nitsangana teo anoloan'ilay seza fiandrianana,
mitafy akanjo fotsy.Ny sasany mitovy amin'ireo
olona fantatro, ireo mpitory sy mpaminany
ara-Baiboly. Tsara izay rehetra hitako ary
faly daholo ny olona; ahitana fitiavana eny amin'ny tavany izy ireo.
Nanomboka nahatsapa hafaliana sy fitoniana lehibe aho.

Rehefa nandehandeha aho, tsy nety niverina intsony.Nasehon'I Jesosy famantaran'ora lehibe aho.Ny fanjaitran'ilay famantaran'ora efa manakaiky ny amin'ny roambinifolo, mandeha ny fotoana, fotoan'ny handehanana.



Nilaza aho hoe: "*Tsy te handeha aho ry Tompo, te hijanona aho*".Kanefa tsy maintsy mandeha isika. Teny amin'ny làlana fodiana, hitako ho toy ny baolina "Golf".
Nentiny tany amin'ilay trano nisy ny vatako mitsitra aho.Nanantona an'ilay toerana misy ny foko Izy.Nisokatra ilay nofo teo anoloan'ny foko.Nesorin'I Jesosy ilay foko taloha ka nariany tany amin'ny farihin'afo.Avy eo nosoloiny fo vaovao ka nivoha ilay nofo.Nitsangana aho ka nijery sady nieritreritra; wow, na ny nofo sy ny taolana aza mihaino an'I Jesosy.
Aorian'io fahitana io, nitady tao amin'ny Baiboly aho ka nahita an'I [Ezekiela 36:26-27](), nitomany toy ny zazakely aho satria tao anatin'ny Baiboly io, milaza ny Baiboly fa: *"*Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo.Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy.*"*
Taorian'izay, naverin'I Jesosy tamin'ny vatako ny fanahiko, kanefa ny foko vaovao tsy mbola nitepo.Mbola afaka nahita ny vadiko nivavaka aho sady mitazona ny tanako foana.

Teo noho eo dia feno anjely an'arivony tao amin'ny efitranoko, nidera sy nihira hira tsara indrindra mbola tsy henoko mihitsy.Ilay hira koa tsy aritra.Nisy anjely tonga ka milaza: "Avy ny ràn'ny Tompo".Avy eo nanomboka nitsaoka sy nanome haja ary voninahitra azy ireo.

Avy eo nidina teo aminay ny ràn'I Jesosy, nanomboka taty amin'ny lohako ka hatrany amin'ny rantsan-tongotro nodioviny ny fahotako.Toy ny rano mafana ireny.Rehefa nijery ny tenako aho, ireo aizina rehetra tao amiko dia nanjavona daholo.Lasa fotsy mangatsakatsaka sy voadio aho.

Afaka kelikelin'iny, niseho indray ilay anjely ka nilaza: "Tonga ny fanahy masina".Nanomboka nihira sy nidera indray ireo anjely.Nidina ny fanahy masina ka niparitaka tety aminay.Faly tanteraka ny fanahiko.Nahazo ny fanahy masina ihany aho.Nanafana toy ny herinaratra; toa afo mandoro ny taolako.

Nihira hatrany ireo anjely ary nankalaza, nilaza Izy fa: "***Ry zanako, lazao amin'ny olona izay nasehoko***

***anao***”.Nokasihiny tamin’ny tanany indray ny foko, nanomboka nitepo.Nanomboka nisokatra tsikelikely ny masoko.Tsikaritro fa nanomboka nangatsiaka ny vatako, tsy afaka niteny tsara akory aho.Nanontaniako ny vadiko ny zava-niseho.Nijery ahy izy sady nanontany: “***Tsy maninona ve ianao?***”.Nanomboka nitomany izy. Tena mbola narary manodidina ny tratrako, toa ireny nodidiana ireny.Nalemy tokoa aho sady tena nangetaheta mafy; ny zavatra nangatahiko voalohany dia rano.Teo noho eo dia nanomboka niverina ny fitadidiako ka tadidiko daholo ireo zavatra nitranga.Nandohalika aho sady nivavaka nandritry ny adiny telo manaraka, mandra-piposakin’ny masoandro.

Nanomboka tamin’io andro io dia niova ny fiainako.Olona mpikomy aho kanefa nampadohalihin’Andrimanitra, nitomany toa ankizikely, niangavy azy mba hamindra-fo amiko.Taloha, tsy niraharaha izany ho any amin’ny Helo izany aho.Fa tsy nieritreritra mihitsy aho hoe tena mampihorohoro izany mandra-panehoako ny fanambaran’Andrimanitra.Ankehitriny, misaotra an’andriamanitra isan’andro aho nohon’ny fandaminany ny fiainako, ny fianakaviako ary ny nanomezany ahy mistery.

Ry rahalahy sy ranabavy, mivavaka aho mba tsy hanalavitra ny fiangonana sy tsy hanompo Tompo roa ianareo, satria TSY mahazo MILALAO an’Andriamanitra.Zava-doza izany latsaka eo an-tanàn’ny Tompo velona izany.Milaza ny Baiboly, fa izay afafin’ny olona, dia hojinjainy, ary ireo izay mamafy ny ratsy, hijinja izany ihany koa.

Eny Andriamanitra dia Andriamanitra fitiavana, feno famindram-po sy mamela heloka.Izy no Andriamanitra manome famindram-po faharoa, fa Andriamanitra mpitsara ihany koa izy.Milaza ny Baiboly fa Afo mpandrava ihany koa Izy.Mila vonina mandrakariva ianareo, satria tsy fantatrareo ny fotoana hahafatesanareo.Milaza ny Baiboly ao amin’ny Hebreo 9:27 *“Ary tahaka ny nanendrena ny olona ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana,”*

Tonga ny fotoana rehefa manoloana an’Andriamanitra isika, ary ny bokintsika hivoha.Ho eo ianareo.Ireo izay maheno ity fahitana ity dia ho eo ihany koa.Io irery ihany no fotoana tsy hahatara anareo.Ity dia mety ho antso farany, aza manohitra an’Andriamanitra ianareo.Eritrereto fa na Paradisa na Helo.Mety tsy ho afaka hahazo famindram-po faharoa toa ahy ianareo.Io dia nety noho ny famelan-kelok’Andriamanitra.

Ankehitriny, indro aho mizara ny fahitana azoko aminareo, mba atsangano ny tananareo ka miresaha amin’Andriamanitra, misaotra azy mba hampandre, sy hisaotra Azy noho ny fiainana tsara nomeny.Raha te ho vonjena ianareo, mila mivavaka, mamela ahy hivavaka miaraka aminareo izao:

Jesosy Tompo, mamela ahy.Mandray Anao ho mpanavotra ahy manokana aho.Tongava ato am-poko sy eo amin’ny fiainako.Mba omeo fiainana mandrakizay aho mba hahafahako miaina miarak’Aminao mandrakizay. Mba omeo fiainana feno filaminana sy hafaliana aho.Misaotra anao aho Andriamanitra.Amin’ny anaran’I Jesosy.Amena.




Raha te hanoratra amiko ianareo, ity ny adiresiko:

Last living days Ministries
P O Box 3701
Farming, NM 87499
USA

Ity fijoroana vavolombelona ity dia tantara marina.Indiana avy any Navajo aho.Mipetraka eny amin’ny zorotany efatr’I Etats Unis.Ho an’ny Amerikana rehetra no nanaovako ity fandraisam-peo

ity.
Mpandika teny : hery.steve@gmail.com